

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana- Tanindrazana- Fandrosoana

FITSARANA MISAHANA NY ADY
ATAO AMIN'NY FANJAKANA ETO

TOLIARA

DIDIMPITSARANA LAHARANA FAHA 129.EL.COM TAMIN'NY 10 JANOARY 2020
Anambarana ny vokatry Ôfisialin' ny fifidianana ireo mpikambana ao amin' ny Filankevitry
Ben' ny tanànan' ireo Kaominina ambonivohitra sy ambanivohitra natao ny 27 novambra
2019 manerana ireo Faritra Androy, Anosy, Atsimo Andrefana, Menabe

NY FITSARANA MISAHANA NY ADY ATAO AMIN'NY FANJAKANA ETO TOLIARA

« Amin'ny anaran'ny vahoaka malagasy, »

Araka ny Lalampanorenana;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha 2018-008 tamin'ny 11 may 2018 mikasika ny fitondrana ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka;

Araka ny lalàna laharana faha 2001-025 tamin' ny 09 aprily 2003 mikasika ny Fitsarana momba ny ady amin' ny Fanjakana sy ny Fitsarana momba ny Fitantanambola;

Araka ny lalàna nasiam-panovana laharana faha 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny loharanom-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsamangaika ao aminy;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2018-640 tamin'ny 29 jona 2018 mametra ireo fepetra fampiharana ny andininy sasantsasany amin'ny lalàna fehizoro If-2018-008 tamin'ny 11 may 2018 mikasika ny fitondrana ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2019-1540 tamin'ny 14 aogositra 2019 anaikana ny mpifidy handatsa-bato amin'ny fifidianana kaominaly sy monisipaly;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2019-1541 tamin'ny 14 aogositra 2019 mamaritra ny fombafomba fandaminana ny fifidianana kaominaly sy monisipaly;

Araka ireo didim-pitondrana laharana faha 2015-001 mametra ny isan' ireo mpanolotsaina kaominaly ao amin' ny prefektioran' ny Toliara, Morondava, Ambovombe, ary Tolagnaro;

Araka ny Fanapahan-kevitra laharana faha 080/CENI/D/2019 tamin'ny 27 septambra 2019 amerana ny lisitra sy ny toerana misy ireo birao fandatsaham-bato ho an'ny fifidianana kaominaly sy monisipaly ny 27 novambra 2019;

Araka ny Fanapahan-kevitra nasiam-panovana laharana faha 076/CENI/D/2019 tamin'ny 20 septambra 2019 amerana sy ampahafantarana ny besinimaro ny lisitra raikitry ny lisitry mpilatsa-kofidiana isaky ny fari-pifidianana ho an'ny fifidianana Mpanolotsainan'ny Tanàna ny 27 novambra 2019;

Araka ny fanapahan-kevitra nasiam-panovana laharana faha 077/CENI/D/2019 tamin'ny 20 septambra 2019 amerana sy ampahafantarana ny besinimaro ny lisitra raikitry ny lisitry ny mpilatsa-kofidiana isaky ny fari-pifidianana ho an'ny fifidianana Ben'ny Tanàna ny 27 novambra 2019;

Hita ireo fitanana an-tsoratra avy any amin' ireo Vaomiera mpanisa vato manerana ireo Faritra Androy, Anosy, Atsimo Andrefana, Menabe;

Rehefa nohenoina ireo mpampakateny;

Rehefa nifampidinika araka ny lalàna;

Satria aorian'ny fanambaràna ny vokatra vonjimaika, ny Fitsarana mahefa misahana ny fifidianana dia manana fe-potoana telopolo andro hanambaràny ny vokatra ôfisialy, araka ny voalazan'ny andininy faha 298 amin'ny lalàna laharana faha 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny loharanom-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny rafitr'izy ireo;

Amin'izany, ny Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny Fanjakana dia mamoka amin'ny alalan'ny fotoam-pitsarana manetriketrika ireo vokatra ôfisialy izay ahitana indrindra:

- Ny tontalin'isan'ireo mpifidy voasoratra anarana isaky ny Kaominina,
- Ny tontalin'isan'ireo mpifidy tonga nandatsa-bato,
- Ny isan'ireo vato fotsy na tsy manan-kery,
- Ny tontalin'isan'ireo vato manankery,
- Ny isan'ireo vato manan-kery azon'ny mpilatsaka hofidiana na lisitry ny mpilatsaka hofidiana tsirairay;

Momba ny raharaha fanamarinana ny latsabato

Satria ny fanamarinana ireo latsabato dia niainga avy amin'ireo antontan-taratasimpifidianana nampitain'ireo vaomiera mpanisa vato, izay ahitana ny fitanana an-tsoratra sy taratasy fanisam-bato;

Satria ny tsy fisian'ireo antontan-taratasim-pifidianana ireo ka tsy nahafahan'ny Fitsarana manao fanamarinana araka ny takian'ny lalàna dia azo heverina ho antony iray mahafoana ny raharaham-pifidianana amin'ny birao fandatsaham-bato iray;

Satria isaky ny hita fototra ny fahamarinan'ireo latsabato ao amin'ny birao fandatsahambato iray izay sady tsy nokianin'ny fitarainana ao anaty fitanana an-tsoratr'ireo raharaham-pifidianana no tsy nohamafisin'ny fitoriana dia nekena ny vokatra;

Fa satria tokoa, ireo antontan-taratasim-pifidianana ireo dia manan-kery mandrapisian'ny porofo mifanohitra aminy;

Koa na dia izany dia hita fa misy ny mambra amin'ny birao fandatsahambato sasantsasany sy mpanisa vato nanadino ny fanaovana sonia ny fitanana an-tsoratra sy ny taratasim-panisana vato; ka raha noheverina fa fanadinoana tsy nahy nateraky ny tsy fahampian'ny fiofanana azo ka tsy nanelingelina ny fahamarinan'ny latsa-bato dia nankatoavina ny voka-pifidianana amin'ireo birao fandatsahambato voakasik'izany ;

Satria isaky ny hita fototra ny tsy fitovian'ireo isa raiketin'ireo antontan-taratasimpifidianana, dia natao ny fanitsiana izay tsy manova velively ny hevitra ny safidy nataon'ny mpifidy;

Momba ny fandraisana ireo taratasv fitoriana

Satria araka ny andininy faha 202 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha 2018-008 tamin'ny 22 martsa 2012 voatsiahy etsy ambony : " Izay rehetra mpifidy voasoratra ara-dalàna tao amin'ny lisi-pifidianana ary nandray anjara tamin'ny latsabato dia manana zo hampakatra fitsarana eo anatrehan'ny Fitsarana Avo mornba ny Lalàmpanorenana na ny Fitsarana momba ny ady atao amin'ny Fanjakana, araka ny tranga misy, ny fitarainana sy fitsipahana rehetra mikasika ny maha-aradalàna ny fizotry ny fampielezan-kevitra momba ny fifidianana tao amin'ny fari-piadiampifidianana nisoratany, na mikasika ny maha-ara-dalàna ny raharahandatsabato nisoratany anarana;

Manana zo mitovy amin'izany koa ny mpilatsa-kofidiana tsirairay, ny lisitry ny mpilatsakofidiana tsirairay, ny mpisolotenan'ny vondrona ho tombotsoan'ny safidy, na ireo delege ao amin'ny fariadiadidiana manontolo na ny ampahany voakasiky ny filatsahany hofidiana. Azony toherina ihany koa ireo voka-pifidianana tao amin'ny birao fandatsahambato nisy azy na ampangaina fa nisy tsy fanajana ireo fepetra takiana ary filazana tokony hatao voadidin'ny lalàna, ary izany dia araka ny fombafomba voalazan'ity fizarana ity.

Izay rehetra mpanara-maso eto amin'ny firenena dia mizaka ihany koa io zo fitakiana, fitsipahana sy fiampangana ananan'ireo mpifidy sy ireo mpilatsa-kofidiana na solontenan'ny mpilatsa-kofidiana, araka izay voalazan'ireo ao amin'ny andalana voalohany sy faharoa amin'ity andalana ity ary izany dia manerana ny birao fandatsahambato rehetra izay nazahoany fahefana hanaovany ny asany.

Ny fitakiana ny maha-ara-dalàna ny raharaham-pifidianana dia misokatra ny ampitson'ny andro anaovana ny latsabato hatramin'ny famoahana ny vokatra vonjimaika ataon'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana.

Amin'ny fifanolanana'ny vokatra, ny fe-potoan'ny fampakaran-draharaha fohy ao aorian'ny famoahana ny vokatra vonjimaika, ataon'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana ho an'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika, solombavambahoaka, loholona ary ny fitsapan-kevi-bahoaka, na ny rantsa-mangaikany ho an'ny fifidianana any amin'ny faritra, raha tsy afaka natao ny fampiharana ny fe-potoana mikasika ny fahalavirana, ny fitomboky ny paositra no itokiana amin'izany.

Ny fe-potoan'ny fampakaran-draharaha momba ny fitsarana mahefa ho an'ny fifanolanana'ny vokatra dia ferana amin'ny alalan'ny rijan-teny manokana isaky ny sokajimpifidianana tsirairay."

Satria momba izany fandraisana ny raharaha izany dia manampy koa ny andininy faha 204 amin'ny lalàna fehizoro 2018.008 voatsiahy etsy ambony izay milaza fa "Ny fitoriana izay atao sosona roa tsy ampandoavina hajia sy sarampiraketana am-boky, mba tsy hahafiana azy, dia tsy maintsy soniavina ary misy:

- ny anaran'ny mpitory;
- ny fonenany; -ny kopia voamarina ara-dalànan'ny kara-pifidianany nomena maimaimpoana na ny didimpitsarana nomen'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana na ny rantsamangaikany eo anivon'ny faritra, araka ny fisehoan-javatra;
- ny fanondroana, araka ny fisehoan-javatra, ny safidy na ny anarana sy ny fanampin'anaran'ilay na ireo olom-boafidy, izay toherina ny fifidianana azy.
- ny antony amaharana sy tohan-kevitra ho fanafoanana izany;

Tsy maintsy ampiarahina amin'ny fitoriana ireo singan-taratasy novokarina rehetra anaporofiana ny antony amaharana.

Ireo taratasy ireo dia mety ho taratasy notoavina na ara-panjakana, na fijoroana vavolombelona miendrika an-tsoratra, izany dia mety ho mahaleotena na iombonana.

Ny fanambarana mahaleotena dia soniavin'ny vavolombelona tsirairay. Ny fanambarana iombonana dia soniavin'ny vavolombelona roa (2) na maromaro manatrika miaraka amin'ny filazana ny anaran'izy ireo.

Ireo singan-taratasy ireo dia afaka tohanana amin'ny fomba rehetra na akalana izay heverin'ny mpitory fa ilaina.

Masi-mandidy amin'ny fandanjanjana ny herin'ireo singan-taratasy novokarina ho porofo sy Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny Fitsarana momba ny ady atao amin'ny Fanjakana. »

Satria na manao ahoana na manao ahoana, ny fitoriana atao manoloana ny Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny Fanjakana dia tsy manakana velively ny famoahana ny vokatra ôfisialin'ny fifidianana;

Na izany aza, dia hojerena sy hamoahana didim-pitsarana amin'ny fotoana maha mety azy ny fitoriana sy fangatahana tsirairay avy rehefa feno avokoa ireo fepetra takian'ny lalàna;

Ny amin'ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna

Satria ny andininy faha 300 amin'ny lalàna 2014.020 voatsiahy eo ambony dia milaza fa "Mandritry ny fanaraha-maso ny fitanana an-tsoatrat'ireo biraom-pifidianana sy ireo Sampana misahana ny fanisam-bato, ny Fitsarana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana, na dia tsy misy fitoriana aza, dia afaka maka avy hatrany raha heveriny fa nisy fandikana ireo fepetra voalazan'ny lalàna na didy amam-pitsipika, na noho ny antony hafa mikasika ny filaminambahoaka."

Satria ho fampiharana io andinin-dalàna io, ny Fitsarana etoana dia nanao fanarahamaso ka nahita ireo finiavana hanova ny tarehimarika marina voarakitra tao amin'ny fitanana antsoratra, ary nanitsy araka izany ireo voka-pifidianana tao amin'ireto birao fandatsahambato manaraka ireto:

- Biraom-pandatsahambato tao amin'ny Fokontany Antanimary salle 1 If 620 205 040 101, ao amin'ny Kaominina Beapombo I Distrikan'i Betroka mahakasika ny fifidianana Mpanolotsaina;
- Biraom-pandatsaham-bato If 610 112 100 101 sy 610 112 110 101 tao amin'ny Fokontany Erada II sy Erada III ao amin'ny Kaominina Erada Distrikan'i Ambovombe Androy mahakasika ny fifidianana Ben'ny Tanàna ;
- Biraom-pifidianana If 610 116 150 101 ao Soatsifa, Fokontany Mahazoarivo, ao amin'ny Kaominina Maroalopoty Distrikan'i Ambovombe Androy mahakasika ny fifidianana Mpanolotsaina;
- Biraom-pifidianana If 630 923 070 101 ao EPP Behompy Ambaro amin'ny Kaominina Tsianisiha Distrikan'i Toliara II, mahakasika ny fifidianana Ben'ny Tanàna;
- Biraom-pifidianana If 620 222 040 101 ao amin'ny EPP Bema Kaominina Kelivaho Distrikan'i Betroka mahakasika ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy Mpanolotsaina;
- Biraom-pifidianana tao amin'ny Fokontany Miary haut If 610 217 250 101 ao amin'ny Kaominina Bekitro, Distrikan'i Bekily mahakasika ny fifidianana Ben'ny Tanàna;
- Biraom-pifidianana If 630 801 230 102 tao amin'ny Fokontany Mahavatse II salle 2 ao amin'ny Kaominina Ambonivohitra Toliara, Distrikan'i Toliara mahakasika ny fifidianana Mpanolotsaina;
- Biraom-pifidianana If 630 109 090 101 tao amin'ny Belafika Ankininy ao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Belafika haut, Distrikan'i Ampanihy Ouest mahakasika ny fifidianana Ben'ny tanàna sy ny Mpanolotsaina;
- Biraom-pifidianana If 630 522 030 101 tao amin'ny Fokontany Ambotaky ao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Soamanonga, Distrikan'i Betioky Sud, mahakasika ny fifidianana Ben'ny tanàna;

Ny amin'ny antony nahafonana ny raharaham-pifidianana tamin'ny birao fandatsaham-bato

Satria nandritra ny fitsarana ireo raharaha napetraka teto amin'ny fitsarana misahana ny ady atao amin'ny fanjakana dia nofoanana ny voka-pifidianana tao amin'ny birao fandatsaham-bato maromaro nohon'ireto fandikan-dalàna manaraka ireto:

- Fitondran'ny kandida ny taratasy rehetra momba voka-pifidianana nody tany antranony
- Fanaovana ny vata fandatsaham-bato tao anaty trano fisainana
- Fizarana vola amin'ny mpifidy tamin'ny andron'ny fifidianana
- Famindrana tsy ara-dalàna ny biraom-pifidianana
- Fanoloana tsy ara-dalàna ny mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato
- Ny tsy fisian'ny fifidianana fa nozaraina fotsiny ny isambato azon'ny kandida tsirairay dia nofenoina araka izay ny fitanana antsoatra
- Fanaovana lisi-pifidianana tsy manara-dalàna mba hanaovana hala-bato
- Sefo Fokontany natao filohan'ny biraom-pifidianana nanodinkodina voka-pifidianana;
- Tsy fanisana vato tamin'ny andron'ny fifidianana ary fitondrana ny vokatra nody tany antrano
- Tsy famelana olona hifidy nefa voasoratra ao anaty lisi-pifidianana ;
- Fisian'ny lisi-pifidianana feno peta-tondro mampiahiahy
- Tsy fampiasana lisi-pifidianan'ny Ben'ny Tanàna nandritry ny fifidianana
- Fanangonana kara-pifidianana nataona candida nandritra ny fotoana fampielezan-kevitra mba hividiana ny safidimbahoaka
- Fanomezan'ny sefom-pokontany toromarika ho an'ny mpifidy mba hifidy candida iray
- Fanisana vato mialoha ny fotoana voatondron'ny lanàna fa fahataperan'ny fandatsaham-bato
- Fanerena ny mpifidy hifidy candida ataona mpikambana amin'ny birao-mpifidianana

Nofoanana arak'izany ny voka-pifidianana tamin'ireto birao fandatsaham-bato manaraka ireto:

- Birao fandatsaham-bato If 620 212 160 101 tao Vohitelo, Kaominina lanakafy, Distrikan'i Betroka
- Birao fandatsaham-bato If 610 119 020 101 sy 610 119 020 102 tao Botreoke salle 1 sy 2 ary 610 119 090 101 tao Ambitiky, Kaominina Tsimananada, Distrikan'Ambovombe Androy
- Birao fandatsaham-bato If 630 102 270 101 tao Sihanamitohy, Kaominina Ampanihy Centre, Distrikan'Ampanihy Ouest
- Birao fandatsaham-bato If 620 328 040 101 tao Fenoatsimo, Kaominina Ankilivalo, Distrikan'i Taolagnaro
- Birao fandatsaham-bato If 620 107 040 101 tao Ankilitoka, sy If 620 107 020 101 Ambakaka Kaominina Mahaly, Distrikan'Amboasary Sud
- Birao fandatsaham-bato If 620 116 110 101 tao Abri ad'hoc Tsapa, Kaominina Tsivory, Distrikan'Amboasary Atsimo
- Birao fandatsaham-bato If 620 209 030 101 tao Ankomanga, Kaominina Betroka, Distrikan'i Betroka
- Birao fandatsaham-bato If 630 926 OIO 102 tao amin'ny EPP Tsifota, Kaominina Tsifota,

- Birao fandatsaham-bato If 620 220 020 101 tao Ambinany sud, Kaominina Sakamahily, Distrikan'i Betroka
- Birao fandatsaham-bato If 610 111 450 101 tao Sakaomby, Kaominina Antanimora sud,

- Birao fandatsaham-bato If 630 103 020 101 tao Ambolisarike sy 630 103 080 101 tao Kalangasa, Kaominina Androka, Distrikan'Ampanihy Ouest
- Birao fandatsaham-bato If 630 528 110 101 tao amin'ny EPP Beora centre sy 630 528 010 104 tao Ambatomainty , Kaominina Beora Distrikan'i Betioky Atsimo Birao fandatsaham-bato If 610 211 090 201 tao Pelaraiky sy 610 211 020 101 tao Androidroy, Kaominina Beteza Distrikan'i Bekily
 - Birao fandatsaham-bato If 610 214 030 101 tao Andriambola Nord, Kaominina Maroviro Distrikan'i Bekily ;

- Birao fandatsaham-bato If 610 407 010 101 tao amin'ny EPP Ambatobe Ankily, 610 407 100 101 tao amin'ny EPP Sakamasy Salle 1, 610 407 500 101 tao amin'ny EPP Sakamasy Salle 2, 610 407 310101 tao amin'ny EPP Andranosoa salie 1, 610 407 270 101 tao amin'ny EPP Bevazavo Salle 3, 610 407 240 101 tao amin'ny EPP Agnara Salle 1, 610 407 330 101 tao amin'ny EPP Marohira Nord Salle 1 ary 610 407 170 101 tao amin'ny EPP Ambatobe Sud, Kaominina Tsihombe Distrikan'i Tsihombe ;
- Birao fandatsaham-bato If 630 913 020 101 ao amin'ny EPP Betsinjaka Fokontany Ankaiahy, 630 913 030 101 ao amin'ny EPP Ankoronga Andatabo Salle 1, 630 913 102 ao amin'ny EPP Ankoronga Salle 2 ary 630 913 140 101 EPP Betsinjaka Salle 1 Fokontany Ambolofoty, Kaominina Betsinjaka Distrikan'i Toliara II ;

Ny amin'ny tsy fisian'ny fifidianana tamina birao fandatsaham-bato:

Satria araka ny tatitra nataon'ny vaomiera mpanisa vato, dia tsy nisy ny voka-pifidianana ho Mpanolotsaina sy Ben'ny tanàna tao amin'ny birao fandatsaham-bato miisa telo, nohon'ny fanafihan-dahalo niteraka fifindra-monin'ny mponina, sy ny fanakorontanana nataon'ny kandida, ireto avy ireo birao fandatsaham-bato nitrangan'izany:

- Birao fandatsaham-bato If 620 302 060 101 tao Andala Sakalaha Kaominina Ampasimena Distrikan'i Taolagnaro;
- Birao fandatsaham-bato If 630 523 070 102 tao amin'ny EPP Soaserana salle 1 sy 630 523 070 103 tao amin'ny EPP Soaserana salle 2, Kaominina Soaserana Distrikan'i Betioky Atsimo ;

Toy izany ihany koa dia tsy nahitana voka-pifidianana mikasika ny Mpanolotsaina ny tao amin'ireto birao fandatsaham-bato miisa fito nohon'ny tsy fisian'ny fifidianana:

- Birao fandatsaham-bato If 640 503 090 101 tao amin'ny EPP Faratenina salle 1, birao fandatsaham-bato If 640 503 130 101 tao amin'ny EPP Namakia salle 1, birao fandatsahambato If

640 503 140 101 tao amin'ny EPP Voloy II salle 1, birao fandatsaham-bato If 640 503 110 101 tao amin'ny EPP Marofihitra salle 1, birao fandatsaham-bato If 640 503 040 101 tao amin'ny EPP Andika sur mer salle 1, birao fandatsaham-bato If 640 503 030 101 tao Abri ad'hoc Andika I, Kaominina Belo sur Mer, Distrikan'i Morondava – Birao fandatsaham-bato If 640 501 070 101 tao amin'ny Abri ad'hoc Ankilimanintsy Bezeky Kaominina Analaiva Distrikan'i Morondava;

Ny amin'ny fanonerana ny lany tamin'ny fanontana printy ny taratazin-datsabato:

Satria araka izay voalazan'ny andininy faha 122 amin'ny lafàna fehizoro laharana faha 2018-008 voatsiahy etsy ambony, dia oneran'ny fanjakana amin'ireo lisitra izay nahazo farafahakeliny ny folo isan-jaton'ireo (10%) vato manan-kery tao anatin'ny fari-pifidianana misy azy, ny saran'ny fanontana printy ireo taratazin-datsabato;

Noho ireo antony ireo,
Dia manapaka fa:

Andininy voalohany: Nahitsy ny voka-pifidianana tao amin'ny birao fandatsaham-bato miisa folo,

Andininy faharoa: Averina ny fifidianana amin'ireto fari-pifidianana manaraka ireto: Kaominina Tsimananada Distrikan'i Ambovombe Androy, Kaominina Ampanihy Centre Distrikan'i Ampanihy Ouest, Kaominina Tsivory Distrikan'Amboasary Atsimo; Kaominina Tsifota Distrikan'i Toliara II, Kaominina Sakamahily Distrikan'i Betroka, Kaominina Antanimora Sud Distrikan'i Ambovombe Androy, Kaominina Beora Distrikan'i Betioky Atsimo, Kaominina Beteza Distrikan'i Bekily, Kaominina Morondava Distrikan'i Morondava ary ny Kaominina Tsihombe Distrikan'i Tsihombe.

Andininy fahatelo: Hita fototra ny tsy fisian'ny fifidianana tamina birao fandatsahambato miisa folo noho ny antony voalaza etsy ambony;

Andininy fahaefatra: Didiana ny famerenana ny lany tamin'ny fanontana printy ireo taratazin-datsabato ho an'ny mpilatsaka hofidina na lisitra mpilatsaka hofidina nahazo folo isan-jato (10%) farafahakeliny amin'ny vato tao amin'ny fari-pifidianana nirotsahany;

Andininy fahadimy: Ambara amin'ny fomba ôfisialy fa voafidy mpikambana ao amin'ny Filankevitra na Ben'ny Tanàna ao amin'ny fari-pifidianana misy azy avy ireto mpilatsaka hofidina manaraka ireto:

Andininy fahaenina: Havoaka amin'ny gazetim-panjakan'ny Repoblika ity didimpitsarana ity, hatao peta-drindrana ao amin'ny foiben-toeran'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana ry hampahafantarina ny mpifidy amin'ny fomba rehetra;

Nifampidinihina araka izany tao amin'ny foiben-toerany tao Toliara mba hambara amin ny fotoam-pitsarana ampahibemaso natao ny zoma folo janoary, taona roapolo sy roa arivo, ka anisan'ny tao amin'ny Fitarana misahana ny ady atao amin'ny Fanjakana:

RAKOTONDRAZAKA Tina José, Filoha,
SAMBOHARISOA Menja Annie, Mpanolotsaina,
RAHERISOA PELIMANA Christian Frederic, Mpanolotsaina,
ANDRIANJAFINIAINA Zarnelson, Mpanolotsaina,
IMBIKI Mbolanisitamana Innocent Juvenal, Mpanolotsaina,
RAVAGNOARIVELO Angelot, Tonia Mpampanoa lalàna,
RANDRIAMANANTENA Hery, Solompampanoa
Ary natrehin'i Maître RAZAFIMAHALEO Olga Meltine, Lehiben'ny
Firaketandraharaha;

Ny matoan'ity didimpitsarana ity dia nosoniavin'ny Filoha, ireo Mpanolotsaina ary ny Lehiben'ny Firaketandraharaha J.

NY FILOHA

RAKOTONDRAZAKA
Tina José

NY MPANOLOTSAINA

NY MPANOLOTSAINA

Rtoa SAMBOHARISOA Menja Annie

Atoa RAHERISOA PE-LIMANA
Christian Frederic

NY MPANOLOTSAINA

NY MPANOLOTSAINA

ANDRIANJAFINIAINA Zarnelson

IMBIKI Mbolanisitamana
Innocent Juvenal

NY LEHIBEN'NY FIRAKETANDRAHARAHANA

RAZAFIMAHALEO Olga Meltine